

# FITONDRANA MAHAGAGA

Miandry ny lamasinina eo amin'ny gara i ALEX. Sarotra ny iraka nampanaovina azy satria ao anatin'ny firenena mandrara ny fananana ny Baiboly kanefa voatendry hitondra Baiboly iray valizy ho any amin'ny tanàna iray.

Feno fisalasalana izy raha niakatra tao anatin'ny lamasinina sy nanampirina ny entany. Vitsy teny izy fa mihaino dia mihaino kosa, ary mivavaka mangina. Tsitapitapitr'izay dia nisy eritreritra tonga tao aminy, tahaka ny miteny aminy Andriamanitra hoe : « Mialà amin'ity lamasinina ity amin'ny fijanonana manaraka ». Dia nanontany tena izy ka manao hoe : fa nahoana aho no hiala ety an'ebanaban-tany ety ? Arakaraky ny hieritreretany anefa no nahatsapany izany mazava kokoa. Noho izany, dia niala izy ka nandeha an-tongotra namonjy arabe.

Injany misy feon'ny fiara mihamanantona. Toa nandeha ho azy ny tanany niainga ary dia nijanona ilay fiara. Taitra mafy izy kanefa nanafina ny fahatahorany raha namaky ilay voasoratra eto amin'ny varavaran'ilay fiara hoe : POLISY

- Ho aiza ianao ry tovolahy ?
- Hankany amin'ny tanàna manaraka aho.
- Miakara haingana ary fa maika aho.

Dia niakatra i ALEX ka naka toerana taoriana sady namihina ny entany.

Miresaka ireo polisy hoe :

- « Mila mandeha haingana isika fa sao tsy hahatratra ny fahatongavan'ny lamasinina »
- Marina izany, tsy maintsy trararintsika izany. Hitako eto sahady ny hanjo ilay tovolahy rehefa sakanantsika izy miaraka amin'ny valiziny feno Baiboly eo am-pialana.

Tsy niherika ilay mpamily raha nanontany an'ilay tovolahy hoe : « Tonga isika ity ». Aiza ianao no miala ? Eo amin'ny sampanana voalohany tompoko.

Nidina ny fiara i ALEX, ka sady nijery an'ilay fiara nanalavitra no nisaotra ny Tompony tamin'izao fitondrany mahagaga izao.

## **LESONA :**

- Tandremo, misy amintsika no tsy mahatsapa ny lalan'ny Tompo ka mitolo-batana na efa navotana aza. Tsarovy ny anjelin'ny Tompo namoha ny varavaran'ny tranomaizina ka nandefa an'i Petera

***HEB 13 :6 « Jehovah no mpamonjy ahy ka tsy hahatahotra aho ; inona no azon'ny olona atao amiko ? »***